TOEKARENA SY FITANTANAM-BOLA
ECONOMIE et FINANCES Newsletter
MADAGASIKARA
03 MAI 2025

# Les Réunions de Printemps du Groupe de la Banque Mondiale et du Fonds Monétaire International (FMI) 2025 placés sous le thème « L'emploi : la voie de la prospérité »






Du 21 au 26 Avril 2025, Madagascar a participé au rendez-vous annuel des Spring Meetings. Cette année, la Grande Ile a été représentée par le Ministre de l'Économie et des Finances, Madame Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON, aux côtés du Ministre de l'Environnement et du Développement Durable, Monsieur Max FONTAINE, du Gouverneur de la Banky Foiben'i Madagasikara, Monsieur Aivo ANDRIANARIVELO, et l'Ambassadeur de Madagascar aux Etats-Unis, SE Madame Lantosoa RAKOTOMALALA .

Notontosaina ny 21 au 26 Avril 2025 Iasa teo tany Washington DC ny fivoriana Spring Meetings izay nandraisan'I MAdagasikara anjara. Ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Minisitry ny Tontolo Iainana sy Fampandrosoana Lovainjafy, ny Governoran'ny Banky Foibe, ary ny Masoivohon'I Madagasikara miasa any Etazonia no nitarika ny delegasion tamin'izany.

## Coopréation : Madagascar - FMI



Deuxième revue de la FEC et du FRD : un *Staff Level Agreement* accordé

# Fonds Monétaire International (FMI) : Madagascar renforce ses liens avec le FMI

Le Ministre de l'Economie et des Finances a remercié l'Administrateur du Groupe Afrique 1, Adriano UBISSE, pour l'appui financier récent de 103 millions USD du FMI dans la cadre des programmes FEC et FRD et de souligner les progrès accomplis dans la mise en œuvre de ces derniers. D'autres discussions portant sur la continuité des réformes économiques et les priorités de développement du pays, notamment les infrastructures et la gestion budgétaire ont également eu lieu avec Abebe SELASSIE, Directeur Afrique,. Des rencontres techniques ont approfondi les sujets liés à la fiscalité, à la digitalisation de l'administration fiscale, ainsi qu'à la réforme des subventions énergétiques. Le FMI a renouvelé son soutien aux efforts de Madagascar, dans un contexte de coopération renforcée.







Adriano UBISSE
Administrateur du Groupe Afrique 1



Abebe Selassie
Directeur Afrique

***Tahirimbola Iraisam-pirenena (FMI)***

Nifantoka tamin'ny fanamafisana ny fiaraha-miasa amin'ny FMI ny fihaonana maro nataon'ny delegasiona Malagasy. Nandritra ny fifampiresahana tamin'i UBISSE Adriano, solontenan'ny vondrona Afrika 1, dia nisaotra manokana ny Minisitra an'ity rafitra ity noho ny famatsiam-bola vao haingana mitentina 103 tapitrisa dolara sy ny fanohanana amin'ny alalan'ny FEC sy FRD. Ny fivoriana niarahana tamin'ny Tale ho an'l Afrika SELASSIE Abebe kosa niompana tamin'ny vinavina ho an'ny toekarena Malagasy. Nisy ihany koa ny fivoriana ara-teknika nifantoka tamin'ny fanavaozana ny rafitra ara-ketra, ny fampiasana ny haitao arakajy mirindra amin'ny fanatsaràna ny Hetra, ny fanarenana sy fanampiana ny sehatry ny angovo. Nohamafisin'ny FMI hatrany ny fahavononany hanohana an'i Madagasikara amin'ireo ezaka ireo.





# Madagascar a intensifié ses échanges avec la Banque Mondiale et l'International Finance Corporation (IFC) pour consolider ses réformes et accélérer son développement

Deux rencontres majeures ont permis de faire le point pour les avancées du pays, saluées par la Banque Mondiale, notamment la mise en œuvre du premier appui budgétaire (DPO1), les préparatifs du DPO2, la mobilisation accrue des recettes fiscales, la gouvernance renforcée et l'innovation technologique. Les discussions ont également porté sur le redressement de la JIRAMA et le partenariat public-privé pour une croissance inclusive. Par ailleurs, la Grande Ile a activement participé à la réunion du Groupe Afrique 2, centrée sur la coopération régionale et le lancement du plan "MISSION300", qui promeut une synergie africaine face aux enjeux globaux. En parallèle, la délégation a réaffirmé auprès de l'IFC son ambition de bâtir une économie résiliente, à travers des projets structurants dans le tourisme (modernisation de l'aéroport de Nosy Be) et dans l'énergie (projets Volobe, Sahofika, Pacte National de l'Énergie), visant un meilleur accès à l'électricité, le développement durable et la promotion de l'entrepreneuriat.



........................ Harold TAVARES
Administrateur du Groupe Afrique 2

***Banky Iraisam-pirenena (BM)***

Nanamafy ihany koa ny fifanakalozany tamin'ny Banky Iraisam-pirenena sy ny International Finance Corporation (IFC) i Madagasikara. Nisy fivoriana roa lehibe nahafahana nandinika akaiky ny fandrosoana efa vita teto amin'ny firenena, izay noderain'ny Banky Iraisam-pirenena, toy ny fanatanterahana ny fanohanana ara-bola voalohany (DPO1), ny fanomanana ny DPO2, ny fitomboan'ny fampidiram-bola amin'ny hetra, ny fitantanana mangarahara sy matotra kokoa, ary ny fandrosoana ara-teknolojia.

Nifantoka ihany koa tamin'ny fanarenana ny orinasa JIRAMA sy ny fiaraha-miombon'antoka amin'ny sehatra tsy miankina ho amin'ny fitomboana ara-toekarena mirindra sy maharitra ny resaka Etsy andaniny, nandray anjara mavitrika tamin'ny fivorian'ny Vondrona Afrika 2 ihany koa i Madagasikara, izay niompana tamin'ny fiaraha-miasa amin'ny faritra sy ny fanombohana ny drafitra "MISSION300", entina hanamafisana ny fiaraha-mientan'ny firenena afrikanina manoloana ireo fanamby maneran-tany.

Ankoatra izay, nanamafy tamin'ny IFC ny Delegasiona malagasy, ny faniriany hanorona toekarena mahazaka sy maharitra, amin'ny alalan'ireo tetikasa goavana toy ny fampandrosoana ny sehatry ny fizahan-tany (fanavaozana ny seranam-piaramanidina Nosy Be), ary amin'ny sehatry ny angovo (tetikasa Volobe, Sahofika, ary ny Pacte National de l'Énergie), izay mikendry ny hanatsara ny fahazoana herinaratra, ny fampandrosoana maharitra ary ny fanohanana ny fandraharahana eto amin'ny firenena.



# En marge

## Banque Africaine de Développement (BAD) : promotion de l'Afrique dans un monde multipolaire.

Plusieurs ministres d'Afrique, y compris Madame Rabarinirinarison Rindra Hasimbelo, ont participé en proposant des idées sur le développement et les richesses naturelles de l'Afrique. Il est crucial de déterminer l'impact de l'Afrique sur la scène internationale pour pouvoir élaborer des politiques en adéquation avec les aspirations du continent.





***Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (BAD)***

Anisan'ny fihaonana lehibe natao tao Washington DC ihany koa ny resaka fampandrosoana an'i Afrika, niarahan'ny delegasiona Malagasy sy ny BAD. Tanjona ny hiresaka momba ny fomba hampiroboroboana ny Afrika ao anatin'ny tontolo marolafy. Nandray anjara tamin'izany ny praiminisitra sy minisitra maro avy any Afrika, anisan'izany Ramatoa Rabarinirinarison Rindra Hasimbelo, izay nanolotra hevitra momba ny fampandrosoana sy ny harena voajanahary ao Afrika. Zava-dehibe ny fametrahana ny anjara toeran'i Afrika amin'ny sehatra iraisam-pirenena mba hahafahana manao politika mifanaraka amin'ny hetahetan'ny kaontinanta.

Le Ministre de l'Économie et des Finances, Madame Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON, a pris part à plusieurs événements stratégiques. Lors de l'African Finance Leadership Forum, elle a mis en avant la nécessité d'une mobilisation accrue des ressources intérieures, notamment par l'élargissement de l'assiette fiscale et la valorisation des ressources naturelles à travers la transformation locale.




***Mpiara-miombon'antoka hafa***

Nandray anjara mavitrika tamin'ireo hetsika stratejika maro ihany koa i Madagasikara, tamin'ny alalan'ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Ramatoa Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON. Nandritra ny African Finance Leadership Forum, dia nanasongadina izy ny filàna hanamafisana ny fampitomboana ny fidiram-bola anatiny, indrindra amin'ny fanitarana ny sehatra iharan'ny hetra sy amin'ny fanomezana lanja ny harena voajanahary amin'ny alalan'ny fanodinana azy eto an-toerana.

Deux réunions bilatérales ont été menées : l'une avec VISTA BANK GROUP pour explorer des opportunités d'investissement dans les infrastructures, et l'autre avec le cabinet Global Sovereign Advisory (GSA) pour renforcer la gestion de la dette à travers un appui technique ciblé.

..............................

Nisy fihaonana roa natao ihany koa : ny iray niaraka tamin'ny VISTA BANK GROUP ho fanadihadiana sy fitsirihana ireo sehatra ahafahana mampiasa vola amin'ny fotodrafitrasa, ary ny iray hafa niaraka tamin'ny Global Sovereign Advisory (GSA) ho fanamafisana ny fitantanana ny trosan'ny fanjakana amin'ny alalan'ny fanohanana ara-teknika.




Focus

# Deuxième revue de la FEC et du FRD : un Staff Level Agreement accordé

**Après deux semaines de visites, et travaux auprès des départements concernés, le Secteur privé et les Partenaires techniques et Financiers ainsi qu'une réunion de travail avec le Président de la République, Son Excellence Monsieur Andry RAJOELINA, la délégation du Fonds Monétaire International (FMI) conduite par Monsieur Constant Lonkeng GOUANA et la partie malgache sont parvenus à un accord technique (Staff Level Agreement).**

Du 02 au 14 Avril 2025, des discussions techniques et politiques approfondies ont eu lieu afin de faire progresser les réformes et les programmes en cours, dans une perspective de développement économique durable du pays.
L'objectif principal étant d'évaluer les mesures économiques et financières déjà mises en œuvre et de renforcer les engagements futurs pour consolider les acquis.



## Fitsirihana faharoa FEC – FRD : Mitovy ny tadin-dokanga eo amin'i Madagasikara sy ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena

Notontosaina ny 2 hatramin'ny 14 aprily 2025 teo ny fitsirihana faharoan'ny FEC (Facilité Élargie de Crédit) sy ny FRD (Fonds pour la Résilience et la Durabilité) teto Madagasikara. Nisy ny fihaonana teo amin'ireo delegasion'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena sy ireo sampandraharaham-panjakana voakasik'ireo programa ireo. Teo koa ny fihaonany tamin'ireo mpiara-miombon'antoka amin'i Madagasikara sy ny Sehatra tsy miankina. ny 2 Aprily 2025 – 14 Aprily 2025, tafiditra ao anatin'ny fifanaraham-piaraha-miasa eo amin'ny FMI sy ny Fanjakana Malagasy izany. Ankoatra izay dia nanao fihaonana arak'asa niaraka tamin'ny Filohan'ny Repoblika, Andry RAJOELINA, ihany koa ireto delegasiona ireto. Fotoana izay nahafahan'izy ireo nifampizara ireo laharam-pahamehana amin'ny politikam-panjakana sy ireo fepetra andrasan'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena.

Tamin'ny famaranana ny iraka dia nihaona tamin'ny mpanao gazety ny delegasiona niaraka tamin'ny Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Minisitry ny Angovo sy ny Akoranafo, ny Minisitry ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Lovain-jafy, ny Governoran'ny Banky Foiben'i Madagasikara ary ny lehiben'ny iraky ny FMI , ka nanehoan'izy ireo ny fahafaham-pony nohon'ny fifanarahana teo amin'ny roa tonta ka nazahoan'i Madagasikara ny Staff Level Agreement . Na izany aza dia misy antontan-taratasy ilaina ahafahan'ny filan-kevim-pitantanan'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena hamoaka indray ny ampaham-bola manaraka amin'ny programa FEC-FRD.




Avec ce résultat positif, Madame le Ministre de l'Economie et des Finances s'est félicitée de la bonne relation avec le FMI ainsi que le fruit d'un travail acharné du Gouvernement et des tehcniciens des ministères concernés.

« *Après cet accord au niveau des services, Madagascar va encore traiter trois dossiers et les soumettre avec cet accord au niveau du Conseil d'administration du FMI, qui est prévu l'examiner au mois de juin de cette année. A la clé : un décaissement de 36,66 millions de DTS dans le cadre de la FEC et de 40,73 millions de DTS dans le cadre de la FRD.* » Pour le secteur pétrolier, il est attendu la publication du décret sur l'application du mécanisme d'ajustement automatique des prix affichés à la pompe pour le second semestre 2025. Par ailleurs, l'Etat devrait parvenir à finaliser et à faire approuver par le Conseil des ministres le plan de redressement de la Jirama.

Dans le secteur de l'environnement, il y a l'adoption du décret sur le mandat du Comité interministériel pour l'environnement (CIME) et l'adoption du décret sur les évaluations d'impact environnemental en remplacement du décret de mise en compatibilité des investissements avec l'environnement.

Ireto manaraka ireto izay antotan-taratasy izay :

- Eo amin'ny sehatry ny angovo dia hisy ny famoahana didim-pajakana mamaritra indray ny vidin-tsolika mandritra ny enim-bolana manaraka sy ny fanolorana ny "plan de redressement" 'ny orinasa Jirama.

- Ny tontolo iainana indray dia ny fametrahana ny komity iraisan'ireo minisitera rehetra mandrafitra ny Governemanta, momban'ny tontolo iainana izay ho tarihan'Andriamatoa Praminisitra sy ny fanavaozana ny "réforme sur le marché carbone » izay ny taona 2021 no natao farany ary atolotra amin'ity volana aprily ity ny didim-panjakana mametraka izany.

- Raha ny sehatra ara-bola indray dia nankasitrahan'ny FMI ny fahazoana mametraka ny didim-panjakana momban'ny "dépositaire central" izay fifanarahana eo amin'ny Banky Foiben'I Madagasikara (BFM) sy ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola. Eo ihany koa ny fiezahan'ny BFM mihazona ny sandam-bola na dia misy fiantraikany betsaka aza ny politika vaovaon'ny Amerikanina amin'izao fotoana izao.



Selon le FMI, « *Les performances se sont progressivement améliorées au cours du premier semestre du programme* ». Ce qui ont largement contribué à cette décision. Par ailleurs, Madagascar a fait progresser son programme de réformes dans le cadre de la FEC et de la FRD, avec des avancées initiales dans la gestion des finances publiques, la gestion des risques de catastrophe et les mécanismes de stockage de carbone.

# Economie

## Rapport économique de Madagascar YEARBOOK 2024-2025 : un manuel de référence


A des fins d'analyses et de documents de travail pour les décideurs politiques, les opérateurs et les investisseurs, la deuxième édition du rapport économique de Madagascar, Yearbook 2024-2025, a été officiellement lancée lors d'une cérémonie réunissant des représentants du Gouvernement, des partenaires techniques et financiers ainsi que des acteurs du secteur privé. Ce document de référence vise à centraliser les informations clés et les analyses approfondies pour comprendre les dynamiques économiques de la Grande île.

Le Yearbook 2024-2025, conçu par l'Economic Development Board of Madagascar en collaboration avec LD Média Development, présente les perspectives économiques pour l'année à venir, mettant en évidence des secteurs porteurs tels que l'industrialisation, les infrastructures (ports, aéroports), le numérique, l'inclusion financière, l'agro-industrie, l'économie bleue et les énergies renouvelables. Le rapport détaille également les efforts du Gouvernement en matière de réformes pour améliorer l'environnement des affaires et attirer les investissements nationaux et étrangers.

Lors de la cérémonie de lancement, Madame le Ministre de l'Economie et des Finances a souligné la résilience de l'économie malgache face aux défis mondiaux en 2024. Ainsi, elle a réaffirmé l'engagement du Gouvernement à soutenir le secteur privé. Elle a également encouragé les parties prenantes à s'approprier ce rapport comme un outil essentiel pour leurs décisions et leurs actions en faveur du développement économique de Madagascar.

« Yearbook » constitue une ressource précieuse pour appréhender les dynamiques actuelles de l'économie malgache. Sa reconduction future est souhaitable afin de continuer à fournir des informations pertinentes et de soutenir une meilleure compréhension des enjeux et des perspectives pour les différents acteurs.








## Tatitra ara-toekarena eto Madagasikara YEARBOOK 2024-2025

Natolotra tamin'ny fomba ofisialy ny 10 aprily 2025 lasa teo, ny andiany faharoa amin'ny Tatitra ara-toekarena Yearbook Madagascar 2024-2025. Ity tatitra navoakan'ny Economic Development Board of Madagascar (EDBM) niaraka tamin'ny LD Média Development ity dia manangona ireo antontan'isa sy tarehimarika manan-danja mikasika ny toekarena eto amin'ny firenena. Manolotra fijery manokana momba ireo fironana ara-toekarena, ny fanavaozana natao ary ireo sehatra ho an'ny fampandrosoana, toy ny indostria, ny fotodrafitrasa, ny nomerika, ny fampidirana ara-bola, ny agro-indostria, ny toekarena manga ary ny angovo azo havaozina.

Nandritra ny lahateniny, Ramatoa Minisitra Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanambola, dia naneho ny fankasitrahany amin'ny fanomanana ity Yearbook ity, izay heverina ho fitaovana stratejika ho an'ny fanapahan-kevitra sy ny famolavolana politika ara-toekarena. Nanamarika izy fa na teo aza ny krizy sy ny tsy fahatomombanana eran-tany, dia naneho faharetana sy fahaiza-miatrika ny toekarena malagasy. Namporisika ny sehatra rehetra izy mba hampiasa ity tatitra ity ho fototra iorenan'ny fanapahan-kevitra sy fandrindrana tetikasa, ary maniry ny hisian'ny fivoaran'ny ezaka ho an'ny taona ho avy.

# Validation technique du Profil du Dividende Démographique de Madagascar : une étape décisive vers des politiques publiques basées sur les données



Le Ministère de l'Économie et des Finances, à travers la Direction des Études et de la Programmation, a organisé en collaboration avec le Fonds des Nations Unies pour la Population (UNFPA), le vendredi 11 avril 2025 à Anosy, un atelier de validation technique du « Profil du Dividende Démographique de Madagascar ». Cette rencontre a marqué une étape déterminante dans l'élaboration de politiques publiques fondées sur des données fiables et actualisées. Y ont pris part : les Secrétaires Généraux de plusieurs ministères clés, ainsi que les experts nationaux ayant contribué à la conception du document stratégique, lequel constitue une base essentielle pour une planification multisectorielle cohérente.
Fruit d'un travail rigoureux soutenu par l'UNFPA et le Centre Régional d'Excellence en Économie Générationnelle (CREG), ce profil analyse les dynamiques démographiques et économiques du pays à partir des Comptes Nationaux de Transferts (NTA) de 2021. Il met en lumière les leviers nécessaires pour capter le potentiel du dividende démographique et positionne Madagascar parmi les 100 pays ayant finalisé cet exercice validé par les universités de Berkeley et d'Hawaii. Cet outil stratégique servira désormais de référence pour orienter les politiques publiques dans les secteurs prioritaires tels que la santé, l'éducation, la formation et l'emploi, en vue d'un développement inclusif, durable et centré sur le capital humain.

## Fankatoavana ny Profil du Dividende Démographique : Dingana Manan-danja ho an'i Madagasikara

Notanterahana teny amin'ny Immeuble Plan Anosy ny 11 aprily 2025 ny atrikasa ho fankatoavana ara-teknika ny « *Profil du Dividende Démographique de Madagascar* », nokarakarain'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola miaraka amin'ny Sampandraharahan'ny Firenena Mikambana ho an'ny Mponina (UNFPA).

Nandray anjara tamin'ity atrikasa ity ireo Sekretera Jeneralin'ny Minisitera rehetra ary koa ireo manampahaizana nasionaly. Ity tatitra ity dia mamaritra ny vina ara-toekarena sy demografika amin'ny alalan'ny angon-drakitra NTA (taona 2021).

Madagasikara izao no firenena faha-100 nahavita io fanadihadiana io. Izy io dia antontan-kevitra fototra ho fanatsarana sy fitarihana ny politika amin'ny sehatry ny fahasalamana, fanabeazana ary ny asa.

---

# La Décentralisation se construit auprès des collectivités



Les 25 (District de Manjakandriana) et 24 (District d'Ambihidratrimo) maires ont été investis officiellement dans leur rôle de premier magistrats de chaque ville constituant ces Districts vers au début de ce mois d'avril. En tant que Ministres coach de la Région Analamanga, le Grand Argentier et le Secrétaire d'Etat en charge des Nouvelles Villes et de l'Habitat ont présidé ces deux cérémonies. Chacun, comme tous ceux qui ont pris la parole, ont évoqué l'importance de la solidarité et le «Firaisan-kina malagasy» pour que le développement local soit optimal et rejoigne le processus developpement enclenché par Son Excellence le Président de la République Andry RAJOELINA.

## Fampandrosoana eny Ifotony : antoky ny fanatanterahana ny tondrozotra napetraky ny Filoham-pirenena.

Notontosaina teny amin'ny distrikan'i Manjakandriana sy Ambohidratrimo ny 04 sy 11 Aprily 2025 farany teo ny fanolorana samboady maha-ben'ny tànana ireo olom-boafidy tamin'ireo Distrika roa ireo. Ho an'ity voalohany dia 25 mianadahy izy ireo ary ho an'ny faharoa kosa dia 24.

Nifantoka tamin'ny fampandrosoana eny ifotony sy ny fiarahamientana ary ny fanentanana amin'ny fanatsaharana ny fifandrafiana ny kabary nifanesy tamin'ireo toerana ireo. Fitiavana no ilaina hoy Ramatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola satria inoana fa fitiavana no nanosika ny kandidà tsirairay hilatsaka ho fidiana. Teo ihany koa ny fanetanana ny ben'ny tanàna rehetra hiara-hiasa hanatrarana ny tanjona iraisana amin'ny fanjakana foibe dia ny hampandroso an'i Madagasikara. Tsiahivina moa fa ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy ny Sekreteram-panjakana misahana ny Tanàna Vaovao sy Toeram-ponenana, izay samy Mpiahy ny Faritra Analamanga no nitarika ireo fotoana ireo.

# Bonne gouvernance

## Projet d'Accompagnement des Réformes et de Renforcement de Capacités

Le Gouvernement poursuit la réforme et l'amélioration de la fonction publique. Une nouvelle étape dans la mise en place de la Gestion Prévisionnelle des Effectifs, des Emplois et des Compétences (GPEEC), ainsi que dans la gestion des ressources humaines et des compétences des agents au sein du Ministère de l'Économie et des Finances a été franchie.
En effet, du 02 au 08 avril 2025, des ateliers et des formations ont été réalisés en collaboration avec Expertise France et le Ministère du Travail, de la Fonction Publique et des Lois Sociales.
L'objectif de cette initiative est de mettre en place des outils efficaces pour poursuivre le processus expérimental de coopération entre les deux ministères.





## Tetika PARRC na Projet d'Accompagnement des Réformes et de Renforcement de Capacités

Andry fahatelon'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana ny fanavaozana sy fanatsaràna ny asam-panjakana. Miroso amin'ny dingana vaovao ho an'ny Gestion Prévisionnelle des Effectifs, des Emplois et des Compétences (GPEEC) na ny fitantanana mahakasika ny maha-olona sy ny fahaiza-manaon'ny mpiasa ny eto anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Ny 02 ka hatramin'ny 08 aprily 2025 no nanatanterahana ny atrikasa sy fampiofana, izay niarahana tamin'ny Expertise France sy ny Minisiteran'ny Asa-Panjakana, ny Asa ary ny Lalàna sosialy.

Tanjona amin'izany ny fametrahana fitaovana mahomby hanohizana ny dingana andrana amin'ny fiaraha-miasa amin'ny Minisitera roa tonta.

---

## Renforcement du suivi des projets PIP : Formation à l'outil KoboCollect

Dans le cadre de la modernisation de la gestion des finances publiques, le Ministère de l'Économie et des Finances (MEF) a organisé, le 10 avril 2025 à l'Immeuble Plan Anosy, une formation sur l'utilisation de l'application KoboCollect, destinée aux DAF, DPSE, PRMP et GAC centraux.
Cette formation s'inscrit dans la mise en œuvre du SIIGFP – Module Suivi des Projets PIP et répond aux orientations du Conseil des ministres. Monsieur Jerry RANAIVOZANANY, Directeur Général des Finances et du Budget par intérim , a souligné l'importance de cet outil moderne pour un suivi efficace et en temps réel des projets publics.
KoboCollect permet la collecte de données géolocalisées, le suivi des étapes de réalisation et facilite la transparence dans la gestion des projets. Le MEF confirme ainsi son engagement en faveur d'une gestion publique plus performante, numérique et responsable.

## Fampiofanana momba ny KoboCollect ho an'ny tetikasa PIP

Ho fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo tompon'andraikitra amin'ny fanaraha-maso ny tetikasa PIP, dia nanatanteraka fiofanana momba ny rindranasa KoboCollect ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny 10 avrily 2025, tao amin'ny Immeuble Plan Anosy.

Ity fiofanana ity, izay tafiditra ao anatin'ny fanatanterahana ny SIIGFP – Module Suivi des Projets PIP, dia niompana tamin'ny fahaiza-manao teknika sy ny fitantanana mangarahara. Nilaza Andriamatoa Jerry RANAIVOZANANY, Tale Jeneralin'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola mpisolo toerana, fa zava-dehibe ny fitaovana manampy amin'ny fanapahan-kevitra haingana sy marina.

Ny KoboCollect dia manamora ny fanangonana angon-drakitra eny ifotony, miaraka amin'ny géolocalisation sy fanaraha-maso teknika. Mampiseho hatrany ny Minisitera fa manolo-tena amin'ny fanavaozana sy ny fitantanana mahomby izy, ho tombontsoan'ny vahoaka.

ECONOMIE et FINANCES DIGITAL



# Transformation digitale des finances publiques : un tournant majeur au MEF

Le Ministère de l'Économie et des Finances (MEF) a lancé fin 2023 le projet TDMFP (Transformation Digitale des Métiers des Finances Publiques) pour moderniser l'administration financière à travers la digitalisation des processus métiers.

Coordonné par l'Unité de Gouvernance Digitale (UGD) et soutenu par la Direction des Systèmes d'Information (DSI), ce projet vise à :
- Renforcer la transparence et la gouvernance financière,
- Optimiser les coûts, les délais et la qualité des services,
- Mettre en place une infrastructure numérique sécurisée,
- Favoriser une culture numérique durable au sein du MEF.

En 2025, des applications métier sont en cours de développement, des infrastructures modernisées sont déployées, et des projets « Quick Win » montrent déjà des résultats concrets. La généralisation des outils digitaux, la formation continue, et la participation active des agents sont au cœur des étapes à venir.

Ce projet ambitieux marque un pas décisif vers une administration publique plus efficace, transparente et proche des citoyens.

## Fanovàna ho nomerika ny sehatry ny fitantanam-bola: dingana lehibe ho an'ny MEF

Nanolotra tetikasa goavana antsoina hoe TDMFP (Fanovàna Nomerika amin'ny Asan'ny Fitantanam-bola) ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola (MEF) tamin'ny faran'ny taona 2023, ho fanavaozana sy fanamafisana ny fitantanam-bola amin'ny alalan'ny nomerika.

Tarihan'ny Sampan-draharaha Misahana ny Fitantanana Nomerika (UGD) sy tohanan'ny DSI, ny tanjon'ny tetikasa dia ny:
- Hametraka fitantanana mazava sy mangarahara,
- Hanatsara ny kalitao, ny fahombiazana ary hampihena ny fandaniana,
- Hanangana fotodrafitrasa nomerika voaaro sy manara-penitra,
- Hanamafy ny kolontsaina nomerika maharitra eo anivon'ny MEF.

Amin'ity taona 2025 ity dia efa eo an-dalam-panatanterahana ny fampiharana rindranasa manokana, fanavaozana ny rafitra sy ny tambajotra, ary efa manome vokatra hita maso ny tetikasa "Quick Win". Hetsika lehibe andrasana manaraka: fanitarana ny fitaovana nomerika, fiofanana tsy tapaka, ary fandraisana anjara mavitriky ny mpiasam-panjakana.

Tetikasa manan-danja izay hanova tanteraka ny fomba fitantanana ara-bola ho amin'ny mangarahara sy fahombiazan'ny fanjakana, ho tombontsoan'ny vahoaka.